

FAMPIASANA NY TENY

"de nouveau" sy "à nouveau"

Ny "de nouveau" sy "à nouveau" dia fomba fiteny entina maneho fiverenan-javatra. Samy azo adika amin'ny teny Malagasy hoe "indray" izy tahaka ny hita amin'ny fehezanteny "Mihaona indray isika rahampitso." na hoe "Tsy maintsy manasa lamba indray ianao." Amin'ny ankapobeny, dia mipetraka manarakaraka ny verbe tiana hamafisina no toerana misy azy ao anaty fehezanteny. Na dia izany aza, dia samy manana ny sehatra ampiasana azy izy ireo amin'ny teny Frantsay.

"De nouveau"

Ny "de nouveau" dia entina milaza zavatra miverina atao na mitranga indray ka mitovy ny fomba anatanterahana azy. Izany hoe tranga na asa iray tsy miova ka miverina miseho.

Exemples :

- Vous devez essayer de nouveau. / Mila manandrana in-dray mandeha ianao.
- Demain, on pourra jouer de nouveau. / Afaka milalao indray isika rahampitso.
- Tu es de nouveau en retard. / Mbola tara indray ianao.
- La salle de réunion est de nouveau opérationnelle. / Efa azo ampiasaina indray ilay efirano fivoriana.
- Fais de nouveau ces tâches s'il te plaît. / Vereno atao ireo asa ireo azafady.
- Les mini-jupes sont de nouveau à la mode à Madagascar. / Lasa lamaody indray ny zipo fohy eto Madagasikara.

"A nouveau"

Ny "à nouveau" dia ampiasaina entina milaza zavatra miverina atao na mitranga saingy amin'ny fomba hafa indray. Matetika ampiasaina amin'ny zavatra efa natao tsy nahitana fahombiazana ary itadiavana fomba hafa mba hampahomby.

Exemples :

- Il faut essayer de le faire à nouveau. / Tokony ezahana atao indray. (amin'ny fomba hafa)
- On coupe le moteur et le démarrera à nouveau. / Vonoina ny motera dia velomina indray avy eo.
- Ils sont en train de construire la maison à nouveau. / Efa eo am-panaovana ilay trano indray izy ireo izao.
- La couleur ne me plaît pas vraiment, je veux peindre la maison à nouveau. / Tsy dia tiako loatra ilay loko, tiako holokoina indray ilay trano.
- Michel est triste ! Sa mère est à nouveau hospitalisée. / Malahelo i Michel, fa niditra hopitaly indray ny reniny.
- Mon grand-père est à nouveau enfant. / Lasa ankizy kely indray i dadabe.

Remarque :

devez (*v devoir*): tsy maintsy
essayer: manandrana, miezaka
demain: rahampitso
pourra (*v pouvoir*): afaka
jouer: milalao
en retard: tara
salle: efitrano
réunion: fivoriana
opérationnel: azo ampiasaina
fais (*v faire*): manao
tâche: raharaha, asa
s'il vous plaît: azafady
mini-jupe: zipo fohy
à la mode: araka ny lamaody
il faut: tokony
couper: manapaka
moteur: motera
démarrer: mamelona
en train de: eo am-panaovana
construire: manorina
maison: trano
couleur: loko
plaît (*v plaire*): tiana
vraiment: marina, loatra
veux (*v vouloir*): te
peindre: mandoko
triste: malahelo
mère: reny
hospitalisé: miditra hopitaly
grand-père: dadabe
enfant: ankizy
devons (*v devoir*)
travail: asa
policier: polisy

Ankoatra ny fampiasana ny "de nouveau" sy ny "à nouveau"; izay entina milaza zavatra miverina atao, dia azo atao ihany koa ny manampy tovona (préfixe) mialoha ny verbe na teny hafa entina maneho izany.

Exemples :

faire – refaire (manao – manao indray)

- Nous devons refaire toutes les tâches. / Tsy maintsy averintsika daholo ny asa rehetra.

prendre – reprendre (mandray – miverina mandray)

- Je reprends le travail à 14h. / Miverina miasa aho amin'ny 2.

contrôler – reconstrôler (manara-maso – manara-maso indray)

- Les policiers reconstrôlent la circulation en ville. / Manara-maso ny fifamoivoizana eto an-drenivohitra indray ireo polisy.

Bonjour! – Rebonjour! (Manahoana! – Manahoana indray!)

circulation: fifamoivoizana

ville: renivohitra

Anglais Français en Lien